Accord-M | TATITRA FOHY #3
Janoary 2022

Fampiroboroboana ny fihinanana sy ny famokarana ananambo

Fanararaotra ho an'ny faritra Atsimo Atsinanana

HAFATRA FOTOTRA

- Ny Ananambo dia afaka manampy amin'ny fahombiazana ara-tsakafo ho an'ny ireo mponina tratry ny tsy fanjarian-tsakafo.
- Ny vovoka Ananambo dia azo arotsaka amin'ny sakafo rehetra mba ahafahana mampitombo ny otrikaina manan-danja ao anatiny.
- Ny tsy fahampian'ny fampahafantarana ny tombontsoa ara-tsakafo entin'ny ananambo no tena mametra ny fihinanana azy.
- Vonona hamokatra ananambo ny tantsaha raha mitombo ny tinady eo amin'ny tsena, saingy mila fiofanana ara-teknika izy ireo
- Ny fisian'ny toeram-panodinana vovoka ananambo matihanina dia anisan'ny mampitombo ny tinady eo amin'ny tsena sy ny fihinanana ary ny famokarana.



Ny ananambo dia afaka manatsara ny fihinanana sakafo ho an'ny mponina tratry ny tsy fanjarian-tsakafo

Anisan'ny faritra tena ahitana ny tsy fanjarian-tsakafo eto Madagasikara ny faritra Atsimo Atsinanana. Tokantrano maherin'ny 80% any ambanivohitra ao an-toerana no voakasik'izany. Ny ravin'ny ananambo (Moringa oleifera) dia mety afaka manampy an'ireo mponina any ambanivohitra hiatrika izany toe-javatra izany. Afaka mitsiry tsara any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana ny ananambo ary ny raviny dia manankarena provitamina A, vitamina C, vitamina E, fer, kalsioma, potasioma, manezioma ary proteina.

Amin'izao fotoana izao anefa io dia amin'ny fitsaboana no tena ampiasain'ny mponina ao an-toerana io zava-maniry io, ary tena mbola vitsy ny mihinana azy. Azo lazaina fa ambany tokoa ny tahan'ny fambolena ananambo na dia maniry tsara ao aza izy io satria ambany ny tinady eo amin'ny tsena. Eny an-jaridaina no tena ambolen'ny olona azy mba ahafahany mahazo zezika avy hatrany amin'ny alalan'ny fako eo an-tokotany. Mampiasa zezi-pahitra ihany koa ny mpamboly sasany. Mba hamonoana ireo bibikely izay mety hanimba ny voly dia mampiasa lavenona ny ankamaroan'ny mpamboly.

Ny famokarana sy ny fihinanana ravin'ananambo dia azo lazaina fa mbola tsy dia miroborobo ao an-toerana. Saingy azo atao anefa ny mampitombo izany mba ahafahana manampy ny mponina amin'ny fanjariantsakafo. Ho fampiroboroboana ny seha-pihariana ananambo dia tokony atao laharam-pahamehana ny fandresena ireo antony manakana ny olona tsy mamboly sy mihinana izany.

Haika

- Any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana dia tsy voatrandraka tsara ny fahafahana mamokatra ananambo ho an'ireo mpamboly madinika. Maro samihafa ny antony mahatonga an'izany indrindra fa ny tsy fahampian'ny fanentanana sy ny filan'ny mpanjifa.
- Ny mponina any ambanivohitra dia tsy ampy fahalalana mikasika ny tombontsoa ara-tsakafo entin'ny ananambo. Noho izany dia tokantrano vitsivitsy ihany no mampiasa ny raviny atao sakafo ary vitsy ihany koa ny tantsaha liana amin'ny fambolena azy.
- Sarotra ny ahazoana ananambo eny an-tsena. Ny ankamaroan'ny tokantrano mihinana ananambo dia mamboly izany na mangataka amin'ny mpiara-monina aminy. Ny fahasarotan'ny fahazoana ananambo dia manakana ireo olona tsy hihinana azy bebe kokoa.
- Tsy ampy fahalalana ara-teknika momban'ny fikarakarana ny ananambo sy ny fomba fanodinana ny raviny avy niotazana ny tantsaha. Noho izany dia lasa ambany vokatra ary tsy dia tsara kalitao ireo vokatra voahodina.
- Ny ravin'ananambo dia tsy afaka hotazana mandava-taona. Ny raviny dia mihintsana mandritra ny volana Jolay sy Aogositra ka mety hampihena ny fihinanana azy izany. Eo anatrehan'izany anefa dia vitsy ny tantsaha afaka manodina azy ho vokatra azo tehirizina.
- Ny olona sasany dia tsy tia ny tsiron'ny ravin'ananambo tsy misy fangarony. Betsaka ihany koa ny mankafy ny vovoka izay afaka atao fanampin-tsakafo. Sarotra kokoa anefa ny ahazoana ny vovoka ananambo raha oharina amin'ny ravin'ananambo satria mbola tsy misy orinasa mpanodina ao an-toerana.

Fanararaotra

Na dia maro aza ny fanamby dia afaka atao tsara ny mampiroborobo ny sehatry ny ananambo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana.

1. Ny fahazotoan'ireo tantsaha hamboly ananambo. Nasehon'ny fanadihadiana fa mazoto sy liana amin'ny fambolena ananambo ireo tantsaha. Mila fanampiana ara-teknika sy fitaovam-pambolena anefa izy ireo mba hampirindra tsara izany.

2. Vovoka ananambo izay mora ampiarahana amin'ny sakafo ao an-toerana. Ny vovoka ananambo dia mora ampiarahana amin'ny sakafo rehetra no sady tsy mila andrahoina intsony, ary mbola misy ao anatiny. Mpanjifa maro no mankafy ny vovoka ananambo raha oharina amin'ireo vokatra voahodina hafa avy amin'ny ananambo. Raha mametraka toeram-panodinana ananambo manaram-penitra dia afaka mamokatra vovoka ananambo voafono tsy misy mampiahiahy no sady amin'ny vidiny mirary.

3. Hetsika fanentanana mifandraika amin'ny fampiasana ny ananambo ho fanafody. Ny olona sasany dia mampiasa ny ananambo toy ny fanafody fa tsy toy ny sakafo mahazatra. Ohatra amin'izany dia misy olona mihinana ravin'ananambo mba ahafahana mandrindra ny tosi-drà. Izany vokatsoa tsapan'ny olona ao an-toerana izany dia afaka hanaovana fanentanana tsara. Ireo hetsika fanentanana ireo dia afaka manasongadina fa ny ananambo dia maha ela velona no sady mahasalama ny olona rehetra amin'ny fomba maro samihafa.

TOLO-KEVITRA

- Mba hampahomby ny fidirana an-tsehatra momban'ny fampiroboroboana ny fampiasana ananambo dia tokony hifantoka amin'ny seha-pihariana mitambatra. Ny asa mifandraika amin'izany dia tokony mitodika amin'ny ankolafy rehetra ho fanohanana sy fampiroboroboana ny fambolena sy ny fanodinana ary ny fihinanana.
- Ny fanentanana momba ny vokatsoa ara-tsakafo sy ara-pahasalama entin'ireo vokatra voahodina avy amin'ny ananambo dia mampiakatra ny filan'ny mpanjifa. Izany fanentanana izany dia afaka atao eny anivon'ny saha sekoly sy ny tobim-pahasalamana, amin'ny alalan'ny onjam-peo na amin'ny alalan'ny fanaovana fihenam-bidy eny an-tsena. Mety hamporisika ny olona mamboly ny fiakaran'ny tinady eo amin'ny tsena.
- Fampiofanana ireo tantsaha liana amin'ny fambolena ananambo. Mba ho fanampiana azy ireo amin'izany dia tokony atao laharam-pahamena ny fahafahan'ny tantsaha misitraka mivantana ireo fitaovam-pambolena (masomboly, zezika) amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny tranoben'ny tantsaha.
- Fanohanana ny fanodinana vovoka ananambo amin'ny alalan'ny fametrahana orinasa mpanodina madinika ao an-toerana. Ny fanodinana ny ravina amin'ny fomba manara-penitra kokoa anefa dia manome vokatra tsara kalitao amin'ny vidiny mirary. Ny fisian'izany vokatra izany dia mamaly ny tinady izay mety hampiroborobo ny fambolena. Manamora ny fametrahana izany orinasa mpanodina izany ny fiaraha-miasa amin'ireo mpamokatra milina fitotoana sy ireo toeram-pivarotana fitaovana maro samihafa ary ireo fikambanan'ny tantsaha sy ny fikambanam-behivavy.
- Fametrahana ny seha-pihariana ahitana mpamboly, mpanodina, mpivarotra sy mpanjifa. Mety hanamora kokoa ny fifandraisana sy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ireo ankolafy rehetra izany sehatra izany. Ny fivoriana matetika dia ahafahana mamantatra ny filan'ireo mpandray anjara sy mifanampy ara-bola amin'izay mba tsy tapaka ny famatsiana vovoka ananambo ho an'ireo mpanjifa ao an-toerana.

Tetikasa Accord-M :
Fikarohana miara-dia amin'ny fampandrosoana ara-tsakafo eto Madagasikara

Mpanoratra :
Murielle Florence RANDRIAMAHARIVO, Alexandra KONZACK, Irmgard JORDAN, Denis RANDRIAMAMPIONONA, Stefan SIEBER, Jonathan STEINKE

Fifandraisana : denisr07@gmail.com

Ity fikarohana ity dia notohanan'ny Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ)

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Notohanan'ny
giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH